A "Izaho no mofon'aina":

❖ **Ilay mpaminany izay ho tonga. Jaona 6:1-15.**

— Nampitombo ny mofo vary hordea i Elisa, saingy tsy nisy nihevitra fa izy no "ilay mpaminany izay ho tonga" (2 Mpanjaka 4:42–44). Nahoana ny vahoaka no nampifandray an'i Jesosy tamin'ilay mpaminany (Mesia) izay nambaran'i Mosesy rehefa avy nampitombo ny mofo Izy?

(1) Mosesy:
- (a) Nitondra ny Israely nivoaka avy tao Egypta tamin'ny Paska (Eks. 12:12-14, 29-32).
- (b) Niakatra tao Sinay (Eks. 34:2).
- (d) Nozahan-toetra ny Israelita (Deo. 8:2-3)
- (e) Nanome mana, "mofon'ny anjely" ho azy ireo (Sal. 78:25).
- (f) Nanome baiko ny fanangonana ny mana (Eks. 16:15-16).
- (g) Nitarika ny fokon'ny Israely 12 (Eks. 24:4).
- (h) Nambarany ny fahatongavan'ilay "mpaminany" (Deo. 18:15)

(2) Jesosy
- (a) Akaiky ny Paska (Jao. 6:4).
- (b) Niakatra tany an-tendrombohitra (Jao. 6:3).
- (d) Nizaha toetra an'i Filipo (Jao. 6:5-6)
- (e) Nampitombo ny mofo (Jao. 6:11).
- (f) Nasainy nangonina ny ambiny (Jao. 6:12).
- (g) Harona 12 no voaangona (Jao. 6:13).
- (h) Fantatr'izy ireo fa ilay "mpaminany" Izy (Jao. 6:14)

❖ **Ny mofo nidina avy any an-danitra. Jaona 6:16-36.**

— Mpitarika mety indrindra hanafaka azy ireo amin'ny Roma no fahitan'ny vahoaka an'i Jesosy: hamahana ny andiany Izy sy hanasitrana ny ratrany. Saigy tsy nanaiky hataony mpanjaka anefa i Jesosy (Jaona 6:14-15).

— Rehefa nihaona tamin'ny vahoaka indray Jesosy ny ampitso, dia niteny mazava tamin'izy ireo Izy (Jaona 6:22-26). Tsy filàna ara-nofo ihany no tiany homena azy ireo. Hanome fiainana mandrakizay ho azy ireo no nahatongavany: "Izaho no mofon'aina" (Jaona 6:35).

— Tamin'ny alalan'io fitenenana io, sy ny mitovy amin'izany no nanambaran'i Jesosy ny maha-Andriamanitra ny tenany, dia ilay "IZAHO" izay niresaka nifanatrika tamin'i Mosesy (Eks. 3:13-14):

(2) IZAHO no mofon'aina (Jaona 6:35)
(3) IZAHO no fahazavan'izao tontolo izao (Jaona 8:12)
(4) IZAHO no vavahady (Jaona 10:7, 9)
(5) IZAHO no Mpiandry Tsara (Jaona 10:11, 14)
(6) IZAHO no fananganana ny maty (Jaona 11:25)
(7) IZAHO no lalana (Jaona 14:6)
(8) IZAHO no tena voaloboka (Jaona 15:1, 5)

B "Izaho no fahazavan'izao tontolo izao":

❖ **Fiainana nohazavaina. Jaona 9:1-16.**

— Marary ve isika satria nanota? Marary ve ny zanatsika noho ny fahotantsika? Izany no fanontaniana tao an-tsain'ny mpianatra rehefa nisarika ny sain'izy ireo ho amin'ny olona iray teraka jamba i Jesosy (Jaona 9:1-2).

— Mazava tsara ny fifandraisan'ny ota sy ny aretina. Ohatra amin'izany ny fanasitranana ilay paralysisa tao Betesda. (Jaona 5:14). Saingy, ity aretina ity - tahaka ny maro hafa izay mihatra amintsika - dia hafa ny fiaviany. Misy ifandraisany amin'ny fahotana manodidina antsika, fa tsy amin'ny fahotana nataon'ny tena na nataon'ny ray aman-dreny.

— Tamin'ny asa izay mampitamberina ny tantaran'ny Famoronana ny olombelona no nentin'i Jesosy nanazava ny fiainan'ilay jamba tamin'ny nampahiratany azy (Jaona 9:6-7; Gen. 2:7). Milaza amintsika ny akon'izany i Jaona taorian'ilay fahagagana (Jaona 9:8-16).

— Nino an'i Jesosy ho Ilay Nirahina (Siloama) ilay jamba teo aloha, fa ny Fariseo kosa nandà Azy satria nanasitrana tamin'ny Sabata Izy. Nefa... "Hataon'ny lehilahy mpanota ahoana no fahay manao fahagagana toy izany?" (Jaona 9:16).

Mifidy ny haizina. Jaona 9:17-34.

- — Jamba:
  (1) Nanjary ara-panahy kokoa (Jao. 9:17, 38).
  (2) Fantany fa masina i Jesosy (Jao. 9:30-31).
  (3) Fantany fa tonga hanome fahazavana ho azy Jesosy (Jao. 9:25).
  (4) Manamafy ny finoany an'i Jesosy (Jao. 9:32-33)
- — Fariseo:
  (1) Very hevitra ara-panahy (Jao. 9:16).
  (2) Mino fa mpanota i Jesosy (Jao. 9:24).
  (3) Tsy fantany hoe avy aiza na inona no nahatongavan'i Jesosy (Jao. 9:29).
  (4) Tsy mety mino sy mandroaka ilay "mpanota" (Jao. 9:34)
- — Talohan'ny nanaovany ilay fahagagana, dia nanambara toy izao i Jesosy: "Raha amin'izao tontolo izao Aho, dia fahazavan'izao tontolo izao." (Jao. 9:5).
- — Jesosy no fahazavana manazava ny olona rehetra sy mitarika azy ireo ho amin'ny famonjena (Jaona 1:4, 9; 3:21). Indrisy anefa fa misy ireo misafidy hiaina anaty haizina sy mandà ny famonjena (Jaona 1:11; 3:19-20).
- — Toy izany ny Fariseo. Teo anoloan'izy ireo ny olona iray teraka jamba, fa mahiratra ankehitriny (Jaona 9:25, 30, 32). Nefa, na dia teo aza ny porofo rehetra, dia nolaviny hatrany ny mazava.

D "Izaho no fananganana ny maty sy fiainana":

❖ **Ny fitsanganan'i Lazarosy tamin'ny maty. Jaona 11:1-44.**

- — Alahelo sy ranomaso no mameno ny Jaona 11 (And. 1, 14, 19, 21, 31, 32, 35, 38). Nefa, tahaka ny tamin'ilay lehilahy teraka jamba, dia havadik'Andriamanitra ho antony hanomezam-boninahitra Azy izao faharatsiana rehetra izao (Jao. 11:4, 15).
- — Natsangana tamin'ny maty ny zanakavavin'i Jairo sy ny zanakalahin'ilay mpitondratena tany Naina, fotoana fohy taorian'ny nahafatesan'izy ireo. Efa nanomboka simba kosa i Lazarosy. Nihevitra ny rehetra fa tsy ho vitan'i Jesosy ny hanangana azy amin'ny maty (Jaona 11:24, 37).
- — Inona no maha samy hafa ny fananganana ny olona iray vao maty teo sy ny iray efa maty nandritra ny 5 000 taona? Tsy misy fahasamihafana izany ho an'i Jesosy. Izy no fananganana amin'ny maty sy fiainana. Hatsangana amin'ny maty amin'ny alalan'ny herin'ny feony ny rehetra (Jaona 5:28-29).
- — Indrisy fa, nihevitra ny sasany fa aleo Jesosy maty toy izay hanome aina. (Jaona 11:46-50). Ny sasany kosa nino, ary indray andro any dia hatsangana amin'ny maty — miaraka amintsika — ho amin'ny fiainana mandrakizay (Jaona 11:45).